
# ALAHADY faha-6 PAKA - TAONA -B- 2024



***« Tsy misy manam-pitiavana lehibe kokoa noho ny mahafoy ny ainy ho an'ny sakaizany » (Jo. 15: 13)***

Ry Kristianina havana, araky ny nantitranterintsika isaky ny Alahady amin'izao ankalazantsika ny vanim-potoanan'ny Paka izao dia misy toetran'i Jesoa manokana atolotry ny Eglizy amintsika amin'ny alalan'ireo vakiteny mba hivelomantsika ny maha-Kristianina antsika. Satria ny Kristianina dia avy amin'ny teny hoe Kristy ka ireo toetran'i Jesoa asongadin'ireo tenin'Andriamanitra no hivelomantsika mandritra ny herinandro, fa indrindra hivelomantsika mandritra ny fiainantsika ka hahaizantsika mampitraotra ny finoana sy ny fiainana andavanandro mba hahatonga antsika ho Eglizy Olona velona, ho EOV MISIONERA TABERNAKLA VELONA, ho génération mpanorina eo amin'ny fiainantsika. Ho fahazavana sy fanasina tokoa isika amin'ny alalan'ny fanorenantsika izany Eglizy Olona Velona feno fahafoizana izany ka hifampitsimbina sy hifanasoa hikatsaka ny soa iombonana. Zava-dehibe ny hahaizantsika ireo toetran'I Jesoa ireo amin'izao fiomanantsika akaiky dia akaiky ny Kongresy Eokaristika izao hahatonga antsika ho Tabernakla velona tokoa, ho Mpiray Tampo mifanasoa sy mifampitsimbina.

**Vakiteny I :** Asa. 10, 25-26. 34-35. 44-48
**Tononkira :** Salamo 97
**Vakiteny II :** 1 Jo. 4, 7-10
**Evanjely :** Jo. 15, 9-17

Amin'izao Alahady faha-enina ny Paka izao àry dia ny fitiavana nampianaran'I Jesoa sy niainany no tian'ny Eglizy ho tsapantsika sy ho halalinintsika ary hivelomantsika eo amin'ny fiainana. Tsy inona io fitiavana fa ilay fahafoizana sy fanompoana vao noresahintsika teo.

Andriamanitra tsy lavitra no Andriamanintsika, Andriamanitra velona eo anivontsika, Izy ilay mpiandry ondry tsara ary nankalazaintsika tamin'ny Alahady fahatelo sy nodinihintsika fa velona tokoa Izy fa tsy matoatoa. Tsy firehan-kevitra no arahintsika fa Andriamanitra velona eo anivontsika. Fitiavana no mampiavaka Azy, matoa velona Andriamanitra satria mifandray amin'ny rehetra Izy.

Fihavanantsika I Jesoa ary Mpampihavana izay amin'ny Eokaristia no mibaribariy indrindra izany toetrany izany ka iriny ho olona araiky ao Aminy isika. Izany no maha-mpiandry ondry tsara an'i Jesoa manangona ny ondriny ho valan-tokana. Mila mifikitra Aminy isika. Mitoetra ao Aminy foto-boaloboka raha te hamokatra. Ka ny sedra dia tsy inona fa ny fanadiovana ny rantsana mba hamokatra bebe kokoa. Izany no mahatonga antsika milaza rehefa mamakafaka mikasika ny fihavanana ao amin'ny Gazety Taom-bavaka  mivoaka isam-bolana ntina hanomanana ny Kongresy Eokaristika Nasionaly laharana faha 2 fa mila diovina ny fihavanana. Tsy maintsy évangéliservana raha atao teny malagasy mazava ho antsika aty avaratra izany hoe raha tiana hitondra antsika amin'ny teny fanevan'ny Kongresy ; FIHAVANANA HANASITRANA AN'IZAO TONTOLO IZAO… MPIRAY TAMPO ISIKA JIABY ka tohizantsika amin'ny fijanonana faha-3 n'ny Sinaody faha-7 MIFAMPITSIMBINA, MIFANASOA KA MIKATSKA NY SOA IOMBONANa. Io fijanonana  faha-3 ny FANASITRANANA ANDRASANA sady MITONDRA ANTSIKA HO GENERATION MPANORINA TOKOA… Io ihany koa ny hafatry ny Justice et paix farany.

Ny Fitiavana no asongandin'ireo vakiteny androany. Toetran'Andriamanitra manokana io, raha nahary antsika Andriamanitra dia nahary antsika hitovy endrika Aminy ka izany fitiavana izany no itovizantsika Aminy. Izany no mahatonga ny fianakaviana ho fototry ny fiainana Kristianina satria Eglizy kely izay manorina Eglizy fiombonana ary ny Eglizy fiombonana mitambatra no manorina Eglizy fototra. Ny Eglizy fototra mitambatra no manorina ny Eglizy iraka satria tsy mikombona ny Eglizy izay manambara ny fitiavan'Andriamanitra. Fitiavana mifanohitra amin'ny fitiavan-tena no anirahana antsika hiainana ny maha-Kristianina antsika eo anivon'izao tontolo izao na dia tsy anisan'izao tontolo izao aza isika. Fitiavana maimaim-poana tsy misy takalo. Io no mitondra amin'ny tena fihavanana manasitrana.

Ny fitiavana no teny mampifandray ireo vakiteny henontsika androany, miverimberina ny teny hoe fitiavan'Andriamanitra. Io teny fitiavana io no azo amaritana an'Andriamanitra. Raha Kristianina isika mpanara-dia an'i Kristy dia izany koa no mamaritra antsika. Izany no teny hiainantsika handalinantsika ny fiainantsika. Ny fototra sy loharanon'ny fitiavana dia ny fiombonana, ny fifandraisana ao amin'ny Trinite masina ka zary fakan-tahaka ho antsika. Izany no mahatonga antsika fianakaviana ho Eglizy kely, Eglizy kely ao an-trano ny fianakaviana mba hanahaka an'izany Trinite masina izany. Irin'Andriamanitra ho iray ao Aminy isika, io no vocation-ntsika ho iray ao Aminy, ho olo araiky ao amin'Andriamanitra.

Ahoana no niainan'i Jesoa izany fitiavana izany mba hanarahantsika Azy koa, mba hianarantsika eo amin'ny fiainantsika?.

Hoy i Jesoa ao amin'ny Evanjely androany : *"Tahaka ny nitiavan'ny Ray ahy no nitiavako anareo koa"*. Ny fitiavan'ny Ray dia tsy manavaka, tsy mifidy tavan'olona, tsy manilikilika fa manasoa. Ny fitiavana manasoa ny hafa ary mandray ny hafa araky ny maha izy azy, izany no fitiavana nampianarin'i Jesoa. Izany no nanolorany ny tenany teo amin'ny hazo fijaliana. Izany no Paka, fandalovana mial a amin'ny toetra ratsy, ny fitiavan-tena, ny fialonana, ny avonavona, ny hatsaram-belatsihy, ny hena-maso izay mahatonga antsika hanangona fotsiny, hanilikilika ny hafa, hanangana rindrina fa ny fitiavana nampianarin'i Jesoa dia ilay fitiavana misokatra amin'ny rehetra amin'ny fanaovana soa, amin'ny alalan'ny fanompoana, amin'ny alalan'ny fifampitsimbinana, amin'ny alalan'ny fijoroana amin'ny marina, amin'ny fampanjakana ny rariny sy hitsiny ary mitady hampiombona mandrakariva. Izany no fitiavana marina niainan'i Jesoa tamin'ny fiainany manontolo

ka nampahafantariny antsika mba hiainantsika azy koa eo amin'ny fiainantsika andavanandro. Tsy manao kobaka am-bava I Jesoa. Tsy tia sehoseho I Jesoa, tsy mipoerapera I Jesoa, tsy manao fampanantenana poak'aty I Jesoa fa izay lazainy dia iainany sy tanterahiny. Ampianariny àry isika raha tiantsika hamokatra tsara ny fiainantsika, raha tiantsika hahazo ny tena fiadanana, raha miala amin'ny toetra ratsy mahatonga antsika anatin'ny fahasahiranana sy fijaliana dia ampianariny isika hoe : "*mitoera amin'ny fitiavako ianareo*."Io fitiavana io no mandrafitra ny fiainantsika, raha mitoetra ao amin'i Jesoa sy itoerany isika dia midika fa mihaino ny feony, mihaino an'Andriamanitra, mihaino an'i Jesoa amin'ny fiainantsika andavanandro. Io no lalana mitondra antsika amin'ny tena fihavanana, fihavanana sady kristianina no malagasy hanasitrana ny aretina manimba ny fifandraisantsika.

Raha mihaino isika dia tsy an-kandrina fotsiny fa manatanteraka ny sitrak'Andriamanitra, ary izany no tena finoana. Io no ezaka tiantsika hivelomana amin'izao Kongresy izao ka hahatonga antsika ho Olom-pinoana, Olom-panantenana, Olom-pitiavana. Mampiditra antsika amin'ny Jobily amin'ny taona ho avy : Mpivahin'ny Fanentanana. Hitantsika amin'izany fa tsy misy ny kisendrasendra fa ataon'Andriamanitra izao rehetra izao hanampy antsika hivelona ny maha kristianina antsika, amin'ny maha-Kristy Mpiara-belona. Nanomboka ny sinaody isika. Tonga ny Kongresy manamafy ny ~~fiara-dia~~ fiarahan-dia sady taom-bavaka rahateo. Mitohy amin'ny taon'ny ~~Joabily~~ Jobily amin'ny taona ho avy ny dian'ny mpivahiny. Sambatra isika tantanan'Andriamanitra tahaka izany.

Tsarovy araka izany rehetra izany fa tsy tany malemy hanorenam-pangady ny finoana fa tany lonaka hiasan'ny fahasoavan'Andriamanitra, izany hoe miasa amintsika ny tenin'Andriamanitra fa indrindra amin'izao Paka izao, amin'izao isika miatrika sedra mafy izao. Maniry àry isika mba hiova tokoa ny fiainantsika, amin'izay isika afaka mamaly ireo fanontaniana apetraky ny olona amintsika. Anisan'izany ny hoe : *"inona ny miova aminareo mankalaza ny Paka ? Inona no andrasanareo amin'izao kongresy Eokaristika? "*

Raha mitoetra ao amin'i Jesoa isika ary miaina ny fitiavana tahaka nataon'i Jesoa izany hoe mifankatia tsy hoe "sentiment" fotsiny fa manompo, mikatsaka mandrakariva ny soa ho an'ny hafa ka manilika ny fitiavan-tena, manome toerana ny hafa amin'ny fikarakarana azy indrindra ireo mahantra sy voailikiliky ny fiaraha-monina. Io ilay hiaka tian'I Papa ho tanteraka ao amin'ny Ansikilika Fratelli tutti dia miova  fiainantsika. Ny fihavanana sady krsitianina no malagasy no lhanasitrana izao krizy mikiky antsika izao

Ny atao hoe mifankatia dia mivelona ny fahamarinana marina amin'ny fifandraisany amin'ny manodidina ka manilika lavitra kosa ny lainga sy ny fitapitaka amin'izay dia handresy amin'ny alalan'ny tsara ireo risoriso. Raha mijoro tokoa amin'ny tena fitiavana ao anatin'ny fahamarinana dia hiova ho tsara  ny fiainantsika.

Milaza miara-mahita isika fa ny lainga no manapotika ny fiaraha-monintsika ka mahatonga antsika mifamono. Raha génération mpanorina àry isika dia tsy maintsy mampanjaka ny rariny sy ny hitsiny satria izany no mitondra antsika amin'ny fanorenana ny MAHA OLO ARAIKY ANTSIKA JIABY = FRATELLI TUTTI. Tanteraka izany raha tena EOV MISIONERA TABERNAKLA VELONA isika izany hoe mivelona eo anivon'izao tontolo ilay fitiavana nampianaran'I Kristy, fitiavana mahafoy, fitiavana manompo.

Mety hanontany isika hoe aiza ny angovo hahafahantsika mivelona an'izany. I Jesoa ihany ao amin'ny Evanjely no manambara amintsika fa Izy no nifidy antsika ka Izy efa nandresy ny ratsy. Hahazo ireo fanomezan'ny Fanahy Masina isika ho entintsika mivelona an'izany.

Ry Kristianina havana, efa miandrandra sahady ny fankalazana ny Pantekoty isika, I Kristy nifidy antsika dia manambara fa manome antsika ny fanahiny Izy ka hahatonga antsika hivelona an'izay rehetra nataony ary hahatonga antsika ho apôstôly eo amin'ny manodidina antsika, hahatonga antsika ho EOV MISIONERA TABERNAKLA VELONA MANORINA NY FRATELLI TUTTI = OLO ARAIKY ISIKA JIABY. Ho tahaka Azy isika araky ny ampianarin'ny Asan'ny apôstôly rehefa mivelona an'izany tena fitiavana izany araky ny voalaza ao amin'ny vakiteny voalohany izay lazain' i Piera fa tsy mizaha tavan'olona Andriamanitra fa tadiaviny isika hivelona ny fitiavany. Izay matahotra Azy sy manao ny marina dia ankasitrahan'Andriamanitra ka tonga ho anisan'ny fianakaviam-ben'Andriamanitra, fianakavian-janahary. Tanteraka izany raha mifanasoa, mifampitsimbina isika. FIHAVANANA TOKOA HANASITRANA AN'IZAO TONTOLO IZAO….

Anisany kritera hahafahantsika mahalala fa miroso amin'ny lalindalina kokoa amin'ny fanorenana ny ho EOV isika dia isika mankasitraka an'Andriamanitra, matahotra an'Andriamanitra, manao ny marina…. Antsoin'Andriamanitra ho iray ao Aminy tokoa isika araky ny taratasin'ny Asan'ny Apostoly. Ho feno Fanahy Masina isika amin'ny fanorenana ny Eglizy Olona Velona ary azo lazaina fa manomana antsika sahady amin'ny fankalazana ny Pantekôty izany satria ny Pantekoty dia sady fandraisana ny Fanahy Masina ka nampiombona tokoa tamin'i Kristy nitsangan-ko velona no fanirahana an'ireo Apostoly hanorina ny Eglizy. Irintsika ho fenon'ny Fanahy Masina koa isika amin'IZAO KONGRESY EOKARISTIKA tanterahintsika izao ka ho Pantekôty vaovao tokoa ny fankalazana Pantekoty amin'ity na dia ao anatin'ny sedra mafy aza isika amin'izao Krizy maro lafy iainantsika izao vokatr ity siklaonina Gamane.

Ry Jesoa Tomponay ô, mazava ny fampianaranao ary tsy nanao kobaka am-bava Ianao raha nampianatra anay ny tena fitiavana fa nanolo-tena araky ny voalazanao "*Tsy misy manam-pitiavana lehibe kokoa noho ny mahafoy ny ainy ho an'ny sakaizany. Ianareo no sakaizako, raha manatanteraka izay andidiako anareo. Tsy ataoko hoe mpanompo intsony ianareo, satria ny mpanompo tsy mahalala izay ataon'ny tompony; fa efa nataoko hoe sakaiza ianareo, satria efa nambarako taminareo avokoa izay rehetra reko tamin'ny Raiko. Tsy ianareo no nifidy Ahy, fa Izaho no nifidy anareo, ka nanendry anareo mba handehananareo sy hahavokaranareo, ary haharetan'ny vokatrareo, sy hanomezan'ny Raiko anareo izay rehetra hangatahinareo amin'ny Anarako. Ny andidiako anareo dia ny mba hifankatiavanareo*".

Ampio àry izahay fa indrindra amin'izao fankalazana ny Paka izao, mba tsy ho Paka fankalazana ety ivelany fotsiny fa mba ho latsa-paka amin'ny fiainanay izany fihavaozana entin'ny Paka izany fa indrindra amin'izao fiomanana ny Kongresy Eokaristika Nasionaly izao. Maro ny mpanao politika sy mpanao soa vahoaka manomana rafi-piainana hahafahana mifankatia marina tokoa, koa ampio izy ireo mba ho araky ny fampianaranao tokoa no hanorenana ny fampandrosoana izay mbola lavitry ny fitadiavana ny tombontsoa ho an'ny vahoaka. Ampio izahay hahay hivelona ny hafatrao ka hahatonga anay ho fanasina sy fanazavana. Ampio izahay ho vonona hahafoy sy hanompo fa izany no tena POLITIKA LAVORARY hoy ny Papa. Tompo ô ataovy manahaka ny fonao ny fonay, ataovy mitovy amin'ny angovon'ny fitiavanao ny fitiavanay ka hahafoy tokoa izahay ary haharitra ho vavolombelonao, ho feno fanetren-tena hanompo ka hiaraka hampanjaka ny rariny sy ny hitsiny eo

anivon'ny Eglizy Olona Velona eo amin'ny fiainanay andavanandro. Ankininay manokana ny firenenay izay mandalo fotoan-tsarotra. Feno tebiteby izahay satria tsy manjaka ny famindram-po sy ny fifamelan-keloka fa ny fitiavan-tena no zary fenitra. Ovao ny fonay. Masina Maria Reny ô mivavahà ho anay mba hanahaka an'I Jesoa zanakao izahay. Md Josefa ô mivavahà ho an'izay manam-pahefana rehetra mba hanana FON-DRAY tokoa ka hanompo fa tsy hotompoina. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson